# Avy amin’ny fahaverezana ho amin’ny voninahitra

# Avy amin'ny fahaverezana ho amin'ny voninahitra

**Bibles** et **P**ublications **C**hrétiennes
30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Imprimé en France

**Fizahan-takila >**

ISBN : 978-2-87907-380-4
De la perdition à la gloire
*Couverture, peinture de Marc Baumann "Éffluves bleues"*

**Fampidirana** **5**

**1. Ny olombelona** **7**
a. Endrik'Andriamanitra 7
b. Ny fahalavoana, ny fahafatesana, ny fitsarana 9

**2. Ilay sorona fanoneran-keloka** **14**
a. Ny Zanak'ondrin'Andriamanitra 14
b. Ny hazofijaliana 18
d. Ny fahoriana nozakaina ho fanoneran-keloka 20
e. Asa tontosa an-tsakany sy an-davany 21

**3. Ny famonjena amin'ny alalan'ny finoana** **24**
a. Ny fahasoavana atolotra 24
b. Ny finoana no andraisana ny fanomezana atolotra 25

**4. Ny fiainana mandrakizay** **31**
a. Fiainana vaovao 31
b. Ateraka indray 32

**5. Tombondahiny avy amin'Andriamanitra : nohamarinina, tonga zanaka malala** **35**

**6. Ny Fanahy ao anatin'ny mino** **38**
Fanahin'ny fananganana anaka 38
Mpampiray 38
Hosotra 39
Tombokase 39
Santatra 39
Fanamasinana 40
Hery 40

**7. Ny asa fanelanelanan'i Kristy** **43**
a. Mpisoronabe 43
b. Mpisolovava 44

**8. Ny famonjena farany** **46**

## Fampidirana

*Ireo hevitra misongadina manodidina ny fitiavan' Andriamanitra ny olombelona, araka izay anambaràn'ny Baiboly azy, no hiompanantsika ato amin'ireto pejy manaraka ireto.*

*« Tenin'Andriamanitra » ny Baiboly, izay antsoina ihany koa hoe « Ny Soratra Masina ». Izy no manambara ny hevitr'Andriamanitra. Izy irery ihany no tsy maintsy raisintsika ho refy mba hamantarana hoe iza marina moa Andriamanitra, ary iza marina moa isika. Izy no hamantarantsika ny toerana misy antsika ankehitriny sy ny hoavintsika rahatrizay. Tsy misy azonay atao afa-tsy ny mandrisika anao hamaky ny Baiboly, ka hangataka amin'Andriamanitra hitahy ny vakiteny hahasoa ny fanahinao.*

*Ny Baiboly dia fitambaran'ny :*

*– Testamenta Taloha, izay misy fizaràna, na boky, 39, sy ny*

*– Testamenta Vaovao, izay mitsinjara ho boky 27 (filazantsara 4, ny Asan'ny Apostoly, episitily 21, ary ny Apokalypsy).*

*Nozaraina ho toko ireo boky isanisany, ary ny toko indray notsinjaraina ho andininy, mba hahamora ny fitaterana sy ny fikarohana azy ireny.*

*Notsoahina avy ao amin'ny Baiboly avokoa ireo teny taterina ho hita ato amin'ity bokikely ity, ary hampiarahina aminy eo ny toko sy ny andininy ary ny boky nakana azy. Ny hoe 1 Jaona 1. 7, ohatra, dia midika hoe : episitily voalohany nosoratan'i Jaona, toko voalohany andininy fahafito.*

# 1. NY OLOMBELONA

## a. Endrik'Andriamanitra

Manan-draharaha amin'Andriamanitra isika olombelona, na tsapantsika izany, na tsia. Ary izany indrindra no mampiavaka antsika amin'ireo zavaboary manana aina rehetra, miara-miriaria amintsika ety ambonin'ny tany. Noarîn'Ilay Andriamanitra Mpahary ny zavatra rehetra hitovy endrika aminy ny olombelona. Tsy mba tamin'ny alalan'ny teniny mahery fotsiny no nahariany azy, toy ny nahariany ireo voary rehetra, fa Izy mihitsy no namboatra sy namolavola azy hanana endrika ary nanisy « *fofonaina mahavelona* » tao aminy. Voary nomeny tombondahiny manokana ny olombelona ; manana fifandraisana akaiky aminy izy ; izy no nomeny ny fahefana hifehy ny voary manontolo.

Ny fofonain'Andriamanitra no namindrana ny aina ho ao anatin'ny olombelona. Aina tsy mety maty mandrakizay io aina ao anatin'ny olombelona io, noho izany. « *Dia tonga olombelona izy* »[1], izany hoe tonga fanahy manana aina. Hiverina ho vovoka ny nofontsika,

**1.** Genesisy 2. 7

fa io fanahy itoeran'ny aintsika io kosa, dia ilay ampahany tsy hita maso mandrafitra ny maha olona antsika, tsy ho levona mandrakizay. Tsy ny fananantsika saina sy ny fahafahantsika miteny ihany no manavaka antsika amin'ny biby, fa ny fahatsapantsika indrindra indrindra fa misy fahavelomana aorian'ny fahafatesana, omban'ny hetaheta an'Andriamanitra izay efa hita taratra sahady tao amin'ireo vondron'olona mpifindrafindra monina nisy teto an-tany voalohany indrindra.

Niseho tamin'ny olombelona tamin'ny fomba maro isan-karazany Ilay Andriamanitra, izay efa nikasa famindram-po mandrakizay ho azy ireo. Niresaka nivantana taminy Izy tamin'ny fotoanandron'ireo olombelona voalohany. Nampiasainy hahatarafana ny heriny sy ny maha Andriamanitra Azy ireo voary noarîny. Efa nomeny ny olombelona rahateo moa ny fahalalana, mba hahaizan'izy ireo mamantatra izany. Noraketiny an-tsoratra ireny fanambaràna nataony ireny taty aoriana, tamin'ny alalan'ireo olona notsindrian'ny Fanahy Masina. Ny fitambaran'ireny teny voarakitra an-tsoratra ireny no mirafitra ao anatin'ny Baiboly Masina eny am-pelatanantsika ankehitriny. Io Baiboly io no fototra azo antoka tokony hanovozantsika, mba hamantarantsika ny sain'Andriamanitra. Ny

Baiboly manontolo, ary izy irery ihany, no manana ny fahefana feno ho TENIN' ANDRIAMANITRA amintsika. Izy no hany azontsika hihazakazahana, mba hanazava amintsika ny amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

**b. Ny fahalavoana, ny fahafatesana, ny fitsarana**

Tsy maintsy mifandray sy miankin-doha amin'ny mpahary azy ny voary noarîna. Milaza amintsika ny Baiboly fa zavatra tokana monja no nandraran'Ilay Andriamanitra, izay Mpahary azy, an'ilay olombelona voalohany: azon'i Adama natao avokoa ny zavatra rehetra raha tao amin'ilay saha mahafinaritra, tao Edena, afa-tsy ny fihinanana ny voan'ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy. Ho faty tokoa izy amin'ny fotoana hihinanany ny voan'io hazo io. Nandika izany didy izany anefa izy, rehefa nanaiky ny tolo-kevitr'i Satana, ka zary nampiditra ny ota ho eto amin'izao tontolo izao[2].

Fanamavoana ny Tenin'Andriamanitra sy fihaikana ny fahefàny ny tsy fankatoavana toy izany! Tsy maintsy mampihatra ny didim-pitsarana ara-drariny efa niloaka ny vavany

**2.** Genesisy 3

Andriamanitra, manoloana izany. Niditra niaraka tamin'ny ota teto amin'izao tontolo izao àry ny fahafatesana, izay tsy hafa fa tamby sahaza ny ota rahateo. Tsy i Adama ihany no niharan'io fahafatesana io, fa nahatratra an'ireo taranany rehetra mihitsy koa izany, satria efa samy nanota izy rehetra[3]. Tonga ao anatin'ny olona rehetra ilay fironana hanao izay mifanohitra mandrakariva amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Tsy inona io fa ny « ota » : loharano miafina fototr'ireo « fahotana » rehetra, na izay atao amin'ny asa izany, na ny atao amin'ny teny, na amin'ny fisainana, izay manohitra ny sitrapon' Andriamanitra.

Samy hampamoahin'Andriamanitra ny amin' izay nataony avy ny olona rehetra[4]. Nahatonga ny olombelona hahay hanavaka ny tsara sy ny ratsy mantsy ilay fahalalana vaovao azony vokatry ny tsy fankatoavana. Mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy izy, kanefa tsy manan-kery hanaovana ny tsara sy hifadiana ny ratsy. Izany no mitranga satria tsy mahay manoa ny lalàn'Andriamanitra ilay toetra nolovainy tamin'i Adama. Io no ilay antsoin'ny Baiboly hoe « ny nofo »[5].

---

**3.** Romana 5. 12-14 • **4.** Romana 14. 12 • **5.** Romana 8. 7

Saingy tsy izany fahafatesana izany akory, izay hahatratra ny olona rehetra satria « *mpanota avokoa izy rehetra* », no tena didim-pitsarana farany. « *Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany dia hisy fitsarana* », hoy ny ambaran'ny Tenin'Andriamanitra[6].

Ho faty amin'ny ota[7], hiseho eo anatrehan' Andriamanitra hotsaraina, hivesatra an'ireo fahotana : hoavy mampivarahontsana tokoa izany ! Izany no mahatonga ny fahafatesana ho lozabe sy tsy azo ivalozana, ka iantsoana azy hoe « *ilay mpanjaka mampatahotra indrindra* »[8]. Dia indro fa miezaka ny handresy lahatra ny tenany ilay olombelona mangorohoro fatratra, hihevitra fa tsy misy Andriamanitra. Voleny ao an-tsainy ny finoana fa tsy misy na inona na inona intsony aorian'ny fahafatesana. Mainka alentik'i Satana, ilay raindahiny amin'ny famitahana, lalindalina kokoa ho amin'ny tsy finoana izany olo-mahantra izany. Tsy hahafoana ny fahamarinana mikasika an'Andriamanitra na oviana na oviana anefa izany fandavan'ny olombelona Azy izany. Mamaritra mialoha ny ho fizotran'io fitsarana io ny Baiboly :

---

**6.** Hebreo 9. 27 • **7.** Jaona 8. 24 • **8.** Joba 18. 14

« *Ary hitako, fa indro, nisy seza fiandrianana fotsy lehibe sy Ilay mipetraka eo amboniny ; ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany, ka tsy nisy hitoerany intsony. Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana ; ary novelarina ny boky ; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin'ny fiainana izany ; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra tao anatin'ny boky, araka ny asany. Ary ny ranomasina dia namoaka ny maty tao anatiny ; ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita namoaka ny maty tao aminy ; dia samy notsaraina araka ny asany izy. Ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo. Ary raha nisy tsy hita voasoratra tao anatin'ny bokin'ny fiainana, dia natsipy tany amin'ny farihy afo izy* »[9].

Ry mpamaky malala, sao mba ho amin'izany fahaverezana mampivarahontsana izany no izoranao !

Moa misy fomba hahafaha-miala an'izany zavatra mampangitakitaka fatratra izany ve ?... Tsy ny amin'ny bokin'ny fiainana moa no asianteny eto ?... Koa, iza avy àry no afaka ny ho

**9.** Apokalypsy 20. 11-15

voasoratra anarana ao anatin'io bokin'ny fiainana io?... Inoana marimarina fa ireo izay tsy nanota mihitsy teo amin'ny fiainany!... Ireo izay tsy nanota mihitsy hoe?... Indrisy, milaza amintsika ny Baiboly fa: « *Tsy misy marina na dia iray akory aza* »; « *tsy misy hafa fa samy efa nanota izy rehetra* »[10]. Mainka mampahatsiahy sy manamafy izany fahamarinana ambaran' Andriamanitra mikasika antsika izany, dia ny maha mpanota antsika rehetra, ny feon'ny fieritreretantsika. Mikaroka hatrany izay hanamaivanana ny fahadisoantsika isika, mitady izay hanalana tsiny ny tenantsika, mitady ny hanamarin-tena amin'ny alalan'ny fampitahantsika ny tenantsika amin'ny hafa. Zava-poana ihany anefa izany rehetra izany. Tsy fitsaràn'olombelona akory izy ity fa fitsaràn'Andriamanitra. Tsy hahita rariny eo anatrehan'io fitsaràn'Andriamanitra io na oviana na oviana isika, amin'ny maha mpanota antsika. Very tanteraka isika, ary tsy misy azontsika atao. Ny fijaliana mandrakizay, lavitra an' Andriamanitra, no mendrika antsika.

---

**10.** Romana 3. 10, 22, 23

## 2. ILAY SORONA FANONERAN-KELOKA

### a. Ny Zanak'ondrin'Andriamanitra

Tsy maintsy ho voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainana ny anarana, raha te ho afa-miala amin'ilay fanamelohana mandrakizay. Antsoina ihany koa hoe « Ny bokin'ny fiainan'ny Zanak'ondry izay voavono » io bokin'ny fiainana io, any amin'ny andininy hafa ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy ihany[11]. Ilay Zanak'ondrin' Andriamanitra « izay voavono » no mihazona an'io boky io. Nandalo fahafatesana Izy, ho sorona hisolo ny toerantsika sy ho fanefana ny tambin'ny otantsika. Nambara tamintsika fa « *naseho... hanafaka ny ota tamin'ny nanaterany ny tenany* »[12], i Kristy. Ndeha hotomorintsika kokoa ny amin'izany.

Tsy hamela ny ota handehandeha ho azy amin'izao mihitsy Andriamanitra, satria masina Izy. Sazîny mandrakariva ny ota : «... *Kanefa tsy mety manamarina ny meloka* (Andriamanitra no tondroina amin'izany) ». Andriamanitra fitiavana ihany koa anefa Izy, « *mahari-po sady be famindram-po* »[13]. Nahita « *avotra* »[14] Izy ; hitany

---

**11.** Apokalypsy 13. 8 • **12.** Hebreo 9. 26 • **13.** Eksodosy 34. 6 • **14.** Joba 33. 24

ny fomba tsara indrindra hanonerana ny fahotan'ny mpanota. Natontony tao amin'io sorona natao ho « *avotra* » io avokoa ny fitsarana rehetra mendrika ny ota.

Taiza no nahitan'Andriamanitra an'io avotra io ? Tsy ho teo anivon'ireo samy olombelona mihitsy aloha ! Satria, « *Tsy misy mahavotra ny rahalahiny akory, na mahazo manome an' Andriamanitra izay avony* »[15]. Tsy misy na iza na iza amin'ireo olombelona mpanota ireo, mendrika ny hanatanteraka izany asa fisoloamboina izany. Milonjy ny fanamelohana tsy azo ivalozana avy amin'Andriamanitra avokoa mantsy izy rehetra.

Inona àry no nataon'Ilay Andriamanitra fitiavana ? Ny naniraka ny « *Zanany lahitokana tamin'izao tontolo izao... ho avotra noho ny fahotantsika* »[16]. Fitiavana tsy takatry ny saina izany, indrafo tsy hita hovisavisaina : Ilay Zanaka malalan'ny Rainy, Ilay sarobidy indrindra teo imasony, no nataony ho toy ny Zanak'ondry naterina ho sorona hanalana ny ota. Zanak'ondry « *tsy misy kilema ary tsy misy pentipentina, izay fantatra rahateo fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao* »[17]. Izy no efa natokan'Andriamanitra, hatrany am-boalohany,

---

**15.** Salamo 49. 7 • **16.** 1 Jaona 4. 8-10 • **17.** 1 Petera 1. 19

ho vahaolan'ny toerana mahonena misy ny olombelona. Nirahin'Andriamanitra tety ambonin'ny tany Izy, rehefa tonga ny fotoana. Tsy nandà Izy fa nanoa tanteraka ny Rainy. « Inty Aho », hoy Izy, « *tonga hanao ny sitraponao* »[18].

Efa tao an-tratran'ny Ray hatramin'ny voalohany i Jesoa : tena Andriamanitra mihitsy koa Izy, Mpahary, ary Mpihazona izao zavatra ary rehetra izao[19]. Izy no Ilay « *Andriamanitra naseho tao amin'ny nofo* »[20]. Fa « *nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo, ka nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona* »[21].

Toy ny fomba fahatongavan'ny olombelona rehetra eto an-tany, no fomba nahatongavan'i Jesoa koa teto an-tany. Nateraka toy ny zaza rehetra Izy. Saingy, hatrany am-boalohany no efa nanambaràna Azy ho Zanak'Andriamanitra sy ho Mpamonjy, tamin'ny alalan'ny nanomezana Azy ny anarana hoe : « Jesoa ». Midika hoe « *Jehovah no Mpamonjy* »[22] mantsy io anarana hoe Jesoa io. Niaina ny fiainan'olombelona Ilay Zanak' Andriamanitra tonga mba hamonjy. Nitoetra ihany anefa ny maha Andriamanitra Azy, na tena

---

**18.** Hebreo 10. 9 • **19.** Jaona 1. 1-3 ; Hebreo 1. 2, 3 ; Kolosiana 1. 16, 17 • **20.** 1 Timoty 3. 16 • **21.** Filipiana 2. 7 • **22.** Lioka 1. 31, 32, 35 ; Matio 1. 21

tonga olombelona marina tokoa aza Izy. Izany no zava-miafina tsy takatry ny saina mikasika ny fahatongavan'i Jesoa ho nofo. Fa « *Tsy misy mahalala tsara ny Zanaka afa-tsy ny Ray* »[23].

Nanjary nisy olona hita ho tonga lafatra sy tsy nisy tsiny teto an-tany, rehefa tonga i Jesoa. Tsy mba nisy ota tao aminy, tsy mba mpanota toy ny rehetra Izy. Tsy nanao afa-tsy izay nankasitrahan' Andriamanitra, izay sitrapon' Andriamanitra, ary izay ho fanomezam-boninahitra an' Andriamanitra Izy. Indroa miantaona no nilazan' Andriamanitra ny hoe : « *Inty no Zanako Malalako Izay sitrako* »[24].

Saingy, tsy ampy hitondrana famonjena ho an'ny olona io fiainana tsy manan-tsiny nomban'ny herin'ny Fanahy Masina io. Mainka nampibaribary ny faharatsian'ny olombelona sy ny tsy fananany tahotra an'Andriamanitra aza izany. I Jesoa mantsy no Ilay « tena Mazava ». Izy no « *mahazava ny olona rehetra tonga amin'izao tontolo izao* »[25]. « *Nefa aleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany* »[26]. Tao amin'i Jesoa no nahatarafana an'izany atao hoe fitiavan'Andriamanitra izany. Fankahalana anefa no nasetrin'ny olombelona izany. Nolaviny Ilay

---

**23.** Matio 11. 27 ; Lioka 10. 22 • **24.** Matio 3. 17 ; 17. 5 • **25.** Jaona 1. 9 • **26.** Jaona 3. 19

Iray izay nirahin'Andriamanitra ho eo aminy. Nahateny i Jesoa tamin'ny fotoana efa nifaramparanan'ny fiainany tety an-tany nanao hoe : « *Ankehitriny efa hitany sady efa halany Aho sy ny Raiko koa* »[27].

Tonga hatramin'ny famantsihana an'i Jesoa teo amin'ny hazofijaliana izany fankahalan'ny olona Azy izany. Izany no fomba nentin'ny olombelona namonoana an'Ilay Zanak' Andriamanitra feno fahamasinana. Tamin'izany no nahatongavan'izy ireo tamin'ny fara tampon'ny faharatsiany, ka nahasahiany niantsoantso hoe : « *Aoka ny rany ho aminay mbamin'ny zanakay* »[28].

Ka inona intsony no hany sisa fanantenana ho an'ny zanak'olombelona ? Tsy misy intsony, raha ny marina ! Nefa, tao anatin'izany toa faharesena fara tampony izany indrindra no namira-piratan'ny fahasoavan'Andriamanitra tsy hita lany, sy ny fitiavany ny mpanota !

### b. Ny hazofijaliana

Tsy ny haneho fiainana tsy misy tsiny ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ihany akory, no antony nahatongavan'i Jesoa ho nofo

---

**27.** Jaona 15. 24 • **28.** Matio 27. 25

tety ambonin'ny tany. Tonga Izy mba hanatanteraka ny asa famonjena antsika, *amin'ny alalan'ny fahafatesany*. Io no ilay avotra tsy ho efain'ny olombelona, na iza na iza, ka hoe hahavitany mamonjy ny hafa – na izy koa aza mantsy mba mila izany avotra izany, satria olomeloka. I Jesoa no tonga mba ho avotra, ary Izy irery ihany no manan-jo hanatanteraka izany. Ny « *Zanak'olona* », hoy Izy miantso ny tenany, « *tsy tonga mba hotompoina fa mba hanompo, ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro* »[29]. Izy no afaka ny ho faty ho an'ny hafa ; Izy no afaka hanefa ny tambin'ny otan'ny olombelona, satria Izy no tsy nanana ota. « Nandray » ny nofo amandrà Izy, nitafy ny maha olombelona, mba hahatanterahany ny fanafahana antsika, amin'ny alalan'ny fahafatesany[30]. « *Ny handalo amin'izao ora fijaliana izao indrindra no nahatongavako* »[31], hoy ihany Izy.

Novonoin'ny olona i Jesoa. Tamin'izany indrindra no naha ampoka ny fanamelohana azy ireo. Tsy nahefa izany anefa izy ireo, raha tsy i Jesoa mihitsy no nanaiky ny ho voasambony sy hohomboany amin'ny hazofijaliana. « *Izaho manolotra ny aiko* », hoy Izy. « *Tsy misy*

---

**29.** Matio 20. 28 ; Marka 10. 45 • **30.** Hebreo 2. 14 • **31.** Jaona 12. 27 (DIEM)

*manaisotra ny aiko amiko fa ny tenako ihany no manolotra azy. Manana fahefana hanolotra azy Aho, ary manana fahefana haka azy indray*»[32]. « *Nanolotra fanati-panonerana* »[33] Izy. Antsitrapo no nanekeny ho faty, ka nizakany ny fahadisoantsika rehetra. « *Ary nataon'i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra* »[34].

Ny filanjana an'ireo tambin'ny ota ireo no takin'ny fitsaràn'Andriamanitra. Nentin'i Jesoa tao amin'ny tenany izany sazin'ny ota izany. Izany no antony lehibe nanateran'i Jesoa ny tenany ho sorona teo amin'ny hazofijaliana.

Niaretan'i Jesoa ny fangirifiriana nahatran'ny olona taminy. Nolanjainy ny fanalam-baraka. Ary mainka nanoatra lavitra ny fahoriana nosedrainy teo amin'ny hazofijaliana : nampitondra fahoriana Azy koa mantsy na Ilay Andriamaniny aza, noho ny fahotantsika.

### d. Ny fahoriana nozakaina ho fanoneran-keloka

Rakotra haizina ny tany nandritra ny adiny telo. Tao anatin'izany haizimpito izany no nilanjan'ny Mpamonjy ny sazy sahaza ny ota. Safidiny ny hizaka izany ao amin'ny tenany. « *Nanodidina ahy ny fahoriana tsy tambo isaina, nahazo ahy ny*

---

**32.** Jaona 10. 17, 18 • **33.** Isaia 53. 10 • **34.** Isaia 53. 6

*heloko ka tsy nahay nijery aho, maro noho ny volon-dohako ireny ka reraka ny foko*», hoy Izy raha naminany ny amin'izay hihatra aminy[35].

Izy Ilay Masina sy Marina no «*natao ota hamonjy antsika*»[36]. Nafoin'Andriamanitra Izy, dia Izy izay nanana fiombonana aina tsy tapaka tamin'Andriamanitra, raha ny maha olona Azy no jerena. Nozakainy tao anatin'ireo ora telo ireo ny fahoriana tokony ho nolanjaintsika mandrakizay. Nanakoako ny antson'ny Tompo Jesoa, rehefa nadiva ho tapitra io oran'ny haizi-nikitroka io, nanao hoe: «*Andriamanitra ô, Andriamanitra ô, nahoana no dia mahafoy Ahy ianao?*»[37].

Nahoana tokoa moa? Nafoy Izy mba hahafahan'ireo olo-meloka ho voaaro, noho ny fahasoavan'Andriamanitra, tsy hiharan'ilay fahafoizan'Andriamanitra azy mandrakizay –Izany hoe hiarovana azy tsy ho tafasaraka mandrakizay amin'Andriamanitra, izay anjara mendrika azy.

### e. Asa tontosa an-tsakany sy an-davany

Tontosa ankehitriny ny sazy notakin'ny fitsaràn'Andriamanitra. Nizaka an-tsitrapo ny

---

**35.** Salamo 40. 12 • **36.** 2 Korintiana 5. 21 • **37.** Matio 27. 46 ; Marka 15. 34

fahadisoantsika, Ilay Iray izay nisolo voina antsika. Afaka ny hilaza Izy ankehitriny hoe : « *Vita* »[38]. Nanaiky ny hitsofoka tao amin'ny tontolon'ny fahafatesana Izy, mba handoavany manontolo ny sazy mendrika ny ota. Saingy, niditra tao ho mpandresy Izy ! Rà sy rano no niboiboika avy ao amin'ny vatan'i Jesoa, raha nolefonin'ny iray tamin'ireo miaramila Romana Izy[39]. Izany no porofo fa asa tanteraka sy lavorary io asa nataony io : tandindon'ny fanadiovana ny rano – manambara izany fa voahilika tanteraka ny ota ankehitriny ; ny rà izay mariky ny fahatontosan'ny asa fanavotana an-tsakany sy an-davany kosa, manamarina fa tò avokoa ireo rehetra notakin'ny fitsaràn'Andriamanitra.

Noporofoin'Andriamanitra ny maha feno sy tanteraka ny sorona nataon'ny Zanany, tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty ny marainan'ny andro fahatelo. Niseho tamin'ireo mpianany i Jesoa, ho fanehoana tamin'izy ireo fa velona tokoa Izy. Noporofoiny tamin'ny alalan'ny fiarahany tamin'izy ireo nandritra ny efapolo andro fa nitsangana tamin'ny maty marina tokoa Izy[40]. Nihamaro hatrany ireo vavolombelon'izany trangan-javatra tena nisy izany, taty aoriana[41].

---

**38.** Jaona 19. 30 • **39.** Jaona 19. 34 • **40.** Asa 1. 3 • **41.** 1 Korintiana 15. 3-8

Afaka ny hamindra fo amin'izay Andriamanitra ankehitriny. Omeny famonjena maimaimpoana ny mpanota very. Efa naloan'i Jesoa manontolo teo amin'ny hazofijaliana mantsy ny saran'izany. Ireo olona mitsangan-ko fahavalony no ampilazany ny teny mitory fihavanana hoe: « *Mihavàna amin'Andriamanitra anie ianareo!* »[42]. « *Fa maty i Kristy... hamonjy ny ratsy fanahy... Fa fony mbola mpanota isika dia maty hamonjy antsika Kristy* ». Tamin'izany no nanehoan'Andriamanitra ny fitiavany antsika[43].

Mbola holavintsika ihany ve izany fitiavan-dehibe izany? Mbola tsy hampihontsona antsika ihany ve izany fitiavan'Andriamanitra izany? Ny Zanany lahitokana no efa navelany hizaka ny fitsarana sy ny fahafatesana, ho famonjena ny olo-mahantra toa antsika! « *Hataontsika ahoana no fandositra raha tsy raharahaintsika ny famonjen-dehibe toy izany?* »[44].

---

**42.** 2 Korintiana 5. 20 • **43.** Romana 5. 6, 8 • **44.** Hebreo 2. 3 - DIEM

## 3. NY FAMONJENA AMIN'NY ALALAN'NY FINOANA

### a. Ny fahasoavana atolotra

Iza àry no tolorana izany fahasoavana izany ? Ny mpanota very. Ho an'ny mpanota very io ; izany hoe ho an'ny olon-drehetra, satria samy mpanota avokoa isika rehetra. Hoy i Jesoa : « *Tsy ny finaritra no mila mpanao fanafody fa ny marary ; tsy avy hiantso ny marina Aho fa ny mpanota hibebaka* »[45]. Mbola mandà ihany izany tenin'i Jesoa izany ianao, mbola mandray izany ho toy ny tsy natao ho anao, raha toa mbola tsy resy lahatra ny amin'ny maha mpanota anao eo anatrehan'Andriamanitra, sy mbola tsy matahotra ny fitsarana ho avy aminao.

Hieritreritra, angamba, ianao hoe : « Inona moa no ilàko izany... Tsy misy ilàko izany mihitsy ! » Ny mampitandrina anao no hany azonay atao : mitondra anao ho any amin'ny fahaverezana izany fiheveranao izany ! Koa, meteza hohazavain'Andriamanitra mba hahalalanao marina ny toerana misy anao. Miovà lalana, mibebaha, dieny mbola misy ny fotoana.

---

**45.** Lioka 5. 31, 32

Raha ekenao kosa ny didim-pitsarana navoakan'Andriamanitra, izay milaza aminao fa « *maty noho ny fahotanao sy ny fahadisoanao* » ianao, tafasaraka taminy izay Loharanon'aina, dia henoy ihany koa ny fanambaràny ny fahasoavany tonga aminao.

**b. Ny finoana no andraisana ny fanomezana atolotra**

« *Hanontany, angamba, ianao hoe : inona àry izany no hatao mba hahazoako ny famelan-keloka ?* » Ka inona moa no ho azo atao eo ? Tsy misy ! Tsy misy na inona na inona azontsika atao. Ny mino no hany andrasana amintsika. Fanomezana maimaimpoana tsy mila takalony ny fahasoavana, izay namonjena antsika[46]. Fitenin'olona fatra-piavonavona ny teny hoe « manao » – asa no ao ambadik'izany. Tsy mety hiaiky mihitsy ny tsy fahafahany manao zavatra sy ny maha tsy misy kianina ny asa nataon'Andriamanitra izy, fa mitady ny hanampy tosika izany amin'ny alalan'ny asa mandrakariva ! Ny hoe « *mino* » kosa – izay hany zavatra tsy mila asa –no teny famerimberin'Andriamanitra tsy ankiato :

---

**46.** Romana 4. 3-5

– « *Minoa, minoa fotsiny ihany!* »

– « *Minoa an'i Jesoa Tompo dia hovonjena ianao* »[47].

– « *Raha manaiky an'i Jesoa ho Tompo amin'ny vavanao ianao, ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty dia hovonjena ianao. Fa amin'ny fo no inoana hahazoana fanamarinana ary amin'ny vava no anekena hahazoana famonjena* »[48].

– « *Izay mino ny Zanaka no manana fiainana mandrakizay* »[49].

– « *Izany lehilahy izany (i Jesoa) no itoriana famelan-keloka aminareo, ary aminy no anamarinana izay rehetra mino ho afaka amin'ny heloka rehetra, izay tsy azo nanamarinana anareo tamin'ny lalàn'i Mosesy* »[50].

– « *Koa amin'izany dia ataontsika fa finoana no anamarinana ny olona fa tsy ny asan'ny lalàna* »[51].

– « *Nefa nony fantatsika fa tsy hamarinina amin'ny lalàna ny olona fa amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy, dia nino an'i Kristy Jesoa koa isika mba hohamarinina amin'ny finoana an'i Kristy fa tsy amin'ny asan'ny lalàna, satria tsy misy nofo hohamarinina amin'ny asan'ny lalàna* »[52].

---

**47.** Asa 16. 31 • **48.** Romana 10. 9, 10 • **49.** Jaona 3. 36 • **50.** Asa 13. 38-39 • **51.** Romana 3. 28 • **52.** Galatiana 2. 16

– « *Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana, ary tsy avy aminareo izany fa fahasoavana avy amin'Andriamanitra, tsy avy amin'ny asa fandrao hisy hirehareha* »[53].

– « *Koa amin'izany satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompontsika* »[54].

Nanamafy izany koa i Jesoa :

– « *Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina, fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy* »[55].

– « *Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : izay mino Ahy no manana fiainana mandrakizay* »[56].

– « *Fa izao no sitrapon'ny Raiko dia ny hahazoan'izay rehetra mijery ny Zanaka, ka mino Azy, fiainana mandrakizay* »[57].

Izany no maneho ny fahatsoran'ny filazantsara, izay « *herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino* »[58].

Moa mbola misalasala ihany ve ianao ? Henoy ange ny fehin-kevitra nentin'ny apôstôly Jaona

---

**53.** Efesiana 2. 8, 9 • **54.** Romana 5. 1 • **55.** Jaona 5. 24 • **56.** Jaona 6. 47 • **57.** Jaona 6. 40 • **58.** Romana 1. 16

namarana ny filazantsara nosoratany e: « *Fa voasoratra izao mba hinoanareo fa Jesoa Kristy no Zanak'Andriamanitra, ary mba hananananareo fiainana amin'ny anarany raha mino ianareo* »[59]. Hoy ihany koa ny famehezany ny episitily voalohany nosoratany: « *Izany no nosoratako ho aminareo izay mino ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo* »[60].

Tsy hoe fanekena fotsiny ny tena nahatongavany marina tokoa tety an-tany akory ny hoe finoana an'i Jesoa, na ny hoe « *mino ny anarany* ». Tsy fanekena fotsiny ny nahafatesany marina tokoa teo amin'ny hazofijaliana izany, ary tsy vitan'ny tsy fandavana fa ny ho famonjena an'izao tontolo izao no antony nahafatesany. Midika ho fametrahana aminy ny toky manontolo ny finoana an'i Jesoa. Midika ho fandraisana ho an'ny tena ny maha izy azy an'i Jesoa sy izay nataony izany, midika ho fanomezan-danja ny sorona nataony, sy fampiharana ny herin'ny rà nalatsany amin'ilay maha mpanota very ny tena.

Toy inona tokoa moa ny hasarobidin'ireto fanambaràna mazava, mikasika indrindra ny maha vahaolana mahomby ny ran'i Kristy,

---

**59.** Jaona 20. 31 • **60.** 1 Jaona 5. 13

omen'ny Soratra Masina ireto, ho an'ny fanahy tena mangetaheta marina tokoa ny famelan-keloka !

– « *Ny ran'i Jesoa Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra* »[61].

– « *Rehefa nohamarinina tamin'ny rany isika* »[62].

– *Ao amin'i Jesoa Kristy, Ilay Malala,* « *Izy no ananantsika fanatonana amin'ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika araka ny haren'ny fahasoavany* »[63].

– « *Ny rà soan'i Kristy no nanavotana anareo* »[64].

– « *Ny ran'i Kristy, izay nanatitra ny tenany tsy manan-tsiny ho an'Andriamanitra... no hahadio ny fieritreretanareo ho afaka amin'ny asa maty* »[65].

« Fanalana ny aina », izany no dikan'ny hoe rà nalatsaka. Ny fahafatesana no tondroin'izany. Sarobidy ny rà nalatsak'i Kristy. Mitondra soa ho antsika ny fahafatesany. Izany rany izany no nanadiovany antsika ho afaka tamin'ny ota rehetra ; izany no nanamarinana antsika ; izany no nividianana antsika. Izany rehetra izany no anjara azo antoka fa ho an'ireo mino :

---

**61.** 1 Jaona 1. 7 • **62.** Romana 5. 9 • **63.** Efesiana 1. 7 • **64.** 1 Petera 1. 18, 19 • **65.** Hebreo 9. 14

« *hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavana izy, noho ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesoa, izay nasehon'Andriamanitra tamin'ny rany ho fanavotana amin'ny finoana* »[66].

Enga anie ianao ka ho afaka ny hiombom-peo amin'ny hiran'ireo olom-boavotra manao hoe : « *Ho an'izay tia antsika ka namaha antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny rany,... ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena.* »[67]

**66.** Romana 3. 24, 25 • **67.** Apokalypsy 1. 5, 6

## 4. NY FIAINANA MANDRAKIZAY

### a. Fiainana vaovao

Manome antoka ho antsika ny finoana an'Ilay Tompo Jesoa, izay « *natolotra noho ny fahadisoantsika ka natsangana indray ho fanamarinana antsika* »[68]. Manome toky antsika izy fa voaaro tsy hiharan'ny fitsarana isika, tsy ho very intsony. Azo antoka ny fananantsika fiainana mandrakizay. Hoy mantsy ny nambaran'i Jesoa : « *Tsy maintsy hasandratra ny Zanak'olona mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay. Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany lahitokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay* »[69].

Nateraka ho amina fiainana vaovao ny mpino. Nomena fiainana mandrakizay izy. Tsy hoe fiainana tsy manam-pahataperana fotsiny io fiainana mandrakizay raisin'ny mpino io, fa tena fiainan'Andriamanitra ao anatiny mihitsy, ary iainany dieny ankehitriny.

Nahatsapa ny maha Mpampianatra avy amin'Andriamanitra an'i Jesoa i Nikodemosy, ilay

---

**68.** Romana 4. 25 • **69.** Jaona 3. 14-16

manampahefana Jiosy nilazan'i Jesoa an'io teny voarakitra ao amin'ny Jaona 3. 14-16 io. Saingy, tsy ny fahatsapana izany akory no atao hoe finoana. Ny fanambarany izany dia mampiseho ny fitokisan-tenany fa mahay mitsara izy. Hoy mantsy i Jesoa taminy : « *Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, raha tsy ateraka indray ny olona dia tsy mahazo mahita ny fanjakan' Andriamanitra* ». Ary rehefa tsy takatr'i Nikodemosy izay tiany hambara, dia nampian'i Jesoa indray hoe : « *Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra ny fanjakan'Andriamanitra izy. Tsy maintsy ateraka indray ianareo* »[70].

**b. Ateraka indray**

Tsy nianina fotsiny tamin'ny famafana an'ireo fahotana vita, izay nentanin'ilay toetra taloha antsoin'ny Soratra Masina hoe « nofo », Andriamanitra –io ilay toetra tsy mahay manao afa-tsy ny ratsy. Manolotra fiainam-baovao, sy toetra vaovao ho antsika ihany koa Izy. Fahateraham-baovao no vokarin'ny Tenin' Andriamanitra sy ny Fanahy Masina ao

**70.** Jaona 3. 2, 3, 5, 7

anatintsika. Tsy hafa moa ny « rano » fa entina anehoana ny Tenin'Andriamanitra. Ny fiharan'ny Tenin'Andriamanitra amin'ny olona, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, no amohazan'Andriamanitra ny feon'ny fieritreretany, ka manosika azy ho amin'ny finoana sy mitarika azy ho amin'ny fibebahana. Amin'ny alalan'izany no amindrany an'io olona io hiala amin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana.

Io fahateraham-baovao io no mahary antsika ho olom-baovao : « *Fa efa teraka indray ianareo, tsy tamin'ny voa mety ho lo, fa tamin'ny tsy mety ho lo, dia ny Tenin'Andriamanitra izay velona sady maharitra* »[71]. « *Koa raha misy olona ao amin'i Kristy dia olom-baovao izy. Efa lasa ny zavatra taloha, indro, efa tonga vaovao ireo. Fa izany rehetra izany dia avy amin'Andriamanitra, izay nampihavana antsika tamin'ny alalan'i Kristy* »[72].

Miova fisainana, miova filàna, ary miova fenitra, ny olona nandia ny fahaterahana indray. Nomen'Andriamanitra fiainam-baovao izy. Ilay Mpamonjy nijaly sy maty ho azy no tonga antompiainany. Zavatra tsy maintsy ilaina io fahateraham-baovao io, araka ny nantintranterin'i Jesoa tamin'i Nikodemosy. Ny fiovana

---

**71.** 1 Petera 1. 23 • **72.** 2 Korintiana 5. 17, 18

mitranga eo amin'ilay olona nateraka indray no maneho ny tena finoany marina tokoa an'i Kristy.

## 5. TOMBONDAHINY AVY AMIN'ANDRIAMANITRA : NOHAMARININA, TONGA ZANAKA MALALA

Manana toerana tsara antoka sy mandry ivohon'ny vato ankehitriny, ireo mpino voasasa tamin'ny fahotany ka nateraka indray. Afaka tamin'ilay fanamelohana nitambesatra taminy izy. Tonga olo-marina izy izao. Fantany tamin'ny alalan'ny finoana fa misy famonjena ao amin'Andriamanitra. Ny fananganan' Andriamanitra an'i Kristy tamin'ny maty no nanaporofo fa ampy tanteraka ho onitr'ireo tamby notakin'Andriamanitra, noho ny fahamasinany, ny asa fisoloam-boina nataon'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana. Io finoana ananan'ny mpino io no « *nisaina ho fahamarinany* ». Izany no mahatonga azy ho « *marina* » eo anatrehan'Andriamanitra[73].

Ataon'Andriamanitra mitovy laharana amin'ny Zanany isika mpino : « *izay tsy nahalala ota (i Kristy) dia efa nataony (Andriamanitra) ho ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan' Andriamanitra ao aminy koa isika* »[74]. I Kristy no

---

**73.** Romana 4. 22-25 • **74.** 2 Korintiana 5. 21

fahamarinantsika : « *Kristy Jesoa izay nataon' Andriamanitra fahendrena sy fahamarinana sy fahamasinana ary fanavotana ho antsika* »[75].

« *Koa amin'izany satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompontsika* »[76]. Azo antoka io fivitranam-pihavanana natolotr'Andriamanitra antsika tamin'ny ara-drariny io. Fa ankoatra izany, ary tsara lavitra noho izany : « *tamin'ny alalan'i Kristy koa no efa nahazoantsika fanavotana amin'ny finoana ho amin'izao fahasoavana itoerantsika izao* »[77]. Tamin'ny alalan'ny ran'i Kristy no nampanakaikezana antsika tamin'Andriamanitra[78], ary manoatra izany : « *notendreny amin'ny fitiavana isika mba ho Azy amin'ny fananganana anaka amin'ny alalan'i Jesoa Kristy, araka izay ankasitrahan'ny fony ho fiderana ny voninahitry ny fahasoavany, izay nanasoavany antsika maimaimpoana ao amin'ny Malala* »[79]. Natsangany ho zanany isika. « *Tamin'ny sitrapony no niterahany antsika tamin'ny teny fahamarinana* »[80]. Izy no niteraka antsika – « *Izay rehetra mino fa i Jesoa no Kristy dia naterak'Andriamanitra* »[81].

---

**75.** 1 Korintiana 1. 30 • **76.** Romana 5. 1 • **77.** Romana 5. 2 • **78.** Efesiana 2. 13 • **79.** Efesiana 1. 5-7 • **80.** Jakoba 1. 18 • **81.** 1 Jaona 5. 1

Nolavin'ny Isiraely vahoakany i Kristy fony tonga teo anivon'izy ireo ; fa « *izay rehetra nandray Azy* » kosa, *« nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, ireo izay tsy nateraky ny ra, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterak' Andriamanitra* »[82]. « *Fa ianareo rehetra dia zanak' Andriamanitra amin'ny finoana an'i Kristy Jesoa* »[83]. « *Endrey ! Manao ahoana ny fitiavana nasehon'ny Ray ho antsika dia ny niantsoany antsika hoe Zanak'Andriamanitra… Ry malala, ankehitriny aza dia zanak'Andriamanitra isika* »[84]. « *Ary raha zanaka dia mpandova ; eny, sady mpandova an'Andriamanitra no mpiray lova amin'i Kristy koa* »[85]. Tsy menatra ny hiantso antsika hoe « rahalahy »[86] i Jesoa, « Ilay Tompon' ny famonjena » antsika, Izay nanamasina antsika, sy nitondra antsika toy ny zanaka ho any amin'ny voninahitra. Tsotra sy mazava ny hafatra voalohany nampitainy tamin'ny mpianatra, raha vao nitsangana tamin'ny maty Izy : « *Mandehana mankany amin'ny rahalahiko », hoy Izy tamin'i Maria, « ka lazao aminy hoe : Miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny Rainareo Aho, ary ho any amin'ny Andriamanitro sy Andriamanitrareo* »[87].

---

**82.** Jaona 1. 12, 13 • **83.** Galatiana 3. 26 • **84.** 1 Jaona 3. 1, 2 • **85.** Romana 8. 17 • **86.** Hebreo 2. 10, 11 • **87.** Jaona 20. 17

## 6. NY FANAHY AO ANATIN'NY MPINO

### Fanahin'ny fananganana anaka

Mandray ny Fanahy Masina ireo rehetra tonga zanak'Andriamanitra. Izany no tombontsoa be voninahitra raisina, amin'io toerana maha zanaka io : « *Ary satria zanaka ianareo, dia nirahin'Andriamanitra ho ato am-pontsika ny Fanahin'ny Zanany* »[88]. Io Fanahin'Andriamanitra mitoetra ao anatintsika io no ananantsika an'ilay fifamatorana akaiky dia akaiky amin' Andriamanitra – fifamatoran'ny Ray sy ny zanaka : « *Fa nandray ny fanahin'ny zanaka natsangana (ianareo), izay iantsoantsika hoe : Aba, Ray ô* »[89] (Io hoe « Aba » io no teny angoty iantsoan'ny zanaka ny ray).

### Mpampiray

Ny Fanahy no mampiray ny mpino ho tena, na vatana, iray amin'i Kristy[90]. Amin'ny alalan'i Kristy no « *ananantsika roa tonta fanatonana amin'ny Fanahy iray ho any amin'ny Ray* »[91]. « *Miaraka aorina koa ianareo (ao amin'ny Tompo) ho fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy* »[92].

**88.** Galatiana 4. 6 • **89**. Romana 8. 15 • **90.** 1 Korintiana 12. 13 • **91.** Efesiana 2. 18 • **92.** Efesiana 2. 22

**Hosotra**

Nandray ny hosotry ny Fanahy avy amin' Andriamanitra isika. Io no toy ny menaka fanokanana antsika ho amin'ny asa fanompoana Azy, mba ho afa-mamantatra an'ireo zava-dalina ao amin' Andriamanitra isika, ary ho afa-mandray sy hizara amin'ny hafa ny sain'Andriamanitra[93].

**Tombokase**

Nasian'Andriamanitra « tombokase » isika[94]. « *Nasiana tombokase tamin'ny Fanahy Masina (ianareo) araka ny teny fikasana* » ; « *ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo ho amin'ny andro fanavotana* »[95]. Nasian' Andriamanitra tombokase tamin'ny Fanahy Masina isika ho marika tsy azo fafana ny maha fananany antsika. Azy isika, ary ho Azy mandrakizay.

**Santatra**

Andriamanitra « *nanome ny Fanahy ho santatra ato am-pontsika* » ; Izy « *efa nanome antsika ny santatry ny Fanahy* »[96]. « *Izany Fanahy izany no*

**93.** 2 Korintiana 1. 21 ; 1 Korintiana 2. 10-15 ; 1 Jaona 2. 20 sy 27 • **94.** 2 Korintiana 1. 22 • **95.** Efesiana 1. 13 ; 4. 30 • **96.** 2 Korintiana 1. 22 ; 5. 5

*santatry ny lovantsika* », araka ny teny fikasana[97]. Sady antoka ho antsika io Fanahy Masina monina ao am-pontsika io, no santatry ny fandraisantsika anjara sahady amin'ireo fitahiana be voninahitra amin'ny hoavy.

**Fanamasinana**

Midika ho fisarahana amin'ny ratsy io fananan'ny mpino ny Fanahy Masina ao anatiny io. « *Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo, sady efa azonareo tamin'Andriamanitra ? Ka tsy tompon'ny tenanareo ianareo. Fa olom-boavidy ianareo, ka dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo* »[98].

**Hery**

Fanirian'ireo olom-boavidin'i Kristy ny hiaina mifanaraka amin'izay ankasitrahan'ny Tompony. Indrisy anefa, tsapany fa tsy manan-kery hiainana an'izany fiainana madio sy masina izany izy. Tsy efany ny hanao ny tsara, na satriny aza ny hanao izany. Ny ratsy izay tsy tiany hatao hatrany no indro tanterany[99].

---

**97.** Efesiana 1. 14 • **98.** 1 Korintiana 6. 19, 20 • **99.** Romana 7. 19

Manjary misy olom-baovao anefa ao anatiny ankehitriny. Olom-baovao naterak' Andriamanitra, ary tsy mahay manota[100]. Mbola ao anatiny ao ihany koa anefa ilay toetra maha mpanota, « *ny toetrareo taloha, araka ny fitondrantenanareo fahiny izay mihasimba araka ny filàn'ny fitaka* »[101]. Tsy maintsy mianatra izy, miainga amin'ny zavatra tsapany eo amin'ny fiainany sy ny fampianaran'ny Soratra Masina, fa :

– tsy misy tsara mitoetra ao aminy, izany hoe ao amin'ny nofony ;

– mbola ao aminy ihany ny ota, ary mamoa voa mifanohitra amin'ilay « olona vaovao » tonga ao anatiny ;

– tsy manana hery ampy hanampenana an'io toetra taloha io tsy hanjakazaka aminy izy[102].

Indro fa mitady vonjy izy rehefa tonga saina amin'izany tsy fananany hery izany[103]. Tsapany fa efa nataon'Andriamanitra ho azy ny zavatra tsy ho vitany na oviana na oviana : efa nohomboan' Andriamanitra niaraka tamin'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana ilay toetra taloha nampijaly fatratra an'ilay olona vaovao tonga ao anatiny. Indro fa voahombo ilay toetra taloha, izay tsy mety ho

---

**100.** 1 Jaona 5. 18 • **101.** Efesiana 4. 22 • **102.** Romana 7. 14-23 • **103.** Romana 7. 24

resiny mihitsy[104]. Izany no fanambaràna nataon'Andriamanitra. Ny hino izany no hany andrasana amin'ny kristiana. Ny hihazona an'io 'izahony' taloha io amin'ny toerana efa nametrahan'Andriamanitra azy, izany hoe ho amin'ny fahafatesana, no andrasana aminy.

Koa satria tsy manan-kery hahefana izany izy, dia nomen'Andriamanitra hery hitoetra ao aminy mba hanampy azy amin'ny fotoana rehetra. Tsy inona izany fa ny Fanahy Masina izay monina ao anatiny : « *Fa raha ny Fanahy no amonoanareo ny asan'ny tena dia ho velona ianareo* »[105]. « *Mandehana araka ny Fanahy dia tsy hahatanteraka ny asan'ny nofo ianareo* »[106]. Izany no fomba anafahan'Andriamanitra antsika amin'ny herin'ny ota, rehefa avy nanafaka antsika tamin'ilay fanamelohana vokatry ny otantsika Izy.

**104.** Romana 6. 5, 6 ; Galatiana 2. 20 • **105.** Romana 8. 13 • **106.** Galatiana 5. 16

## 7. NY ASA FANELANELANAN'I KRISTY

Mbola manohy miasa ho an'ireo olona navotany ihany i Kristy, na efa niditra tao amin'ny toeram-boninahitra aza Izy. « *Kristy Jesoa no efa maty, eny sady nitsangana tamin'ny maty koa ka mitoetra eo amin'ny tanana ankavanan' Andriamanitra, ary mifona ho antsika* »[107]. Amin'izany no anatanterahany ny asa maha mpisoronabe sy mpisolovava azy.

### a. Mpisoronabe

« *Koa satria isika manana mpisoronabe lehibe izay lasa namakivaky ny lanitra, dia Jesoa Zanak'Andriamanitra, aoka isika hihazona ilay efa nekentsika. Fa isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika fa izay efa nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika, kanefa tsy nanana ota* » – « *Koa amin'izay dia mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy. Fa mpisoronabe tahaka izao no mendrika ho antsika dia izay masina, tsy misy tsiny, tsy misy loto, voasaraka amin'ny mpanota,*

---

**107.** Romana 8. 34

*ka natao avo noho ny lanitra* » – « *fa Kristy dia niditra ho any an-danitra tokoa mba hiseho eo anatrehan'Andriamanitra ankehitriny ho antsika* »[108].

Miasa amin'ny alalan'ny heriny mahavonjy i Jesoa, Ilay Mpisoronabentsika fara tampony, amin'ny fitarihan-dalana antsika ety an-tany. Tarihiny isika mba hahatontosa ny fandehanana mendrika an'ilay toerana tonga misy antsika noho ny asa nataon'i Kristy, na eo aza ny fahalementsika. Izany no ilay famonjena raisintsika isan'andro amin'ny alalan'ny fiarahamamindra aminy.

**b. Mpisolovava**

« *Ny ran'i Jesoa Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra* » – « *Raha miaiky ny fahotantsika isika dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra* » – « *Ary raha misy manota dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika, dia Jesoa Kristy Ilay marina, ary Izy no avotra noho ny fahotantsik*a »[109].

Omen'Andriamanitra antsika ireo loharanonkery hahafahantsika miaina tsy misy

**108.** Hebreo 4. 14 sy 15 ; 7. 25 sy 26 ; 9. 24 • **109.** 1 Jaona 1. 7 sy 9 ; 2. 1 sy 2

fiharoharoana amin'ny ratsy, sy hahaizantsika mitondra tena tahaka izay nitondran'i Jesoa ny tenany. Ho tapaka ny fiombonantsika aina amin'ny Ray sy i Jesoa Kristy Zanaka, raha sendra lavo amin'ny fahotana sasantsasany, noho ny fanaovantsika tsirambina, isika. Mitoetra mandrakariva anefa ny maha zanak' Andriamanitra antsika, na lavo amin'ny ota aza isika! Zo tsy hiala amintsika intsony io maha zanaka antsika io. Ho tonga zanaka tsy manoa ihany isika amin'izay fotoana izay, hany ka tsy afaka ny higoka an'ilay fifandraisana feno hasambarana miaraka amin'ny Ray.

Raisin'i Jesoa an-tanàna ny olantsika rehefa tojo izany tranga izany isika: fohaziny amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra ny fieritreretantsika; ahanjahanjany amintsika ny fahadisoantsika; tarihiny ho amin'ny fibebahana isika; tarihiny hibaboka ny fahadisoantsika isika, dia ireo fahadisoana nanembantsembana an'ilay fifaliana nogohintsika tao anatin'ny fifandraisana tamin'Andriamanitra – fifandraisan'ny zanaka sy ny Ray. Ary dia hamarininy isika ao anatin'izany rehetra izany, noho ilay asa lavorary nataony indray mandeha tsy miverina ho antsika. Toy izany no amonjeny antsika amin'ny vokatry ny tsy fahatanterahantsika sy ny fahosan'ny nofontsika ankehitriny.

## 8. NY FAMONJENA FARANY

Ry mpino, miandrandra an'ilay fanafahana antsika farany isika ankehitriny: avy any andanitra no « *iandrasantsika Mpamonjy, dia Jesoa Kristy Tompo, Izay hanova ny tenan'ny fietrentenantsika ka hitovy endrika amin'ny tenan'ny voninahiny, araka ny fiasan'ny heriny, izay ahaizany mampanaiky ny zavatra rehetra ho Azy* »[110].

Efa azontsika zato isanjato, amin'ny alalan'ny finoana, dieny ankehitriny ny famonjena ny fanahintsika[111], araka ny ambaran'ireo andininy maro hitantsika ao amin'ny Soratra Masina. Saingy, tsy ny famonjena ny fanahintsika ihany no vita teo amin'ny hazofijaliana, fa ny famonjena ny maha olona antsika manontolo mihitsy. Miandry sy manantena ny fanafahana, na ny fanavotana, ny vatantsika isika[112], noho izany. Hesorina hiala lavitra an'ity tanimpahoriana sy sehatry ny ady tsy misy farany ity isika, ka hoentina ho ao an-tranon'ny Ray. Hitafy vatana be voninahitra mendrika izany toeramasina izany isika. « *Ary tsy mba hiditra ao mihitsy izay tsy masina, na izay manao vetaveta, na izay mandainga, fa izay voasoratra ao*

**110.** Filipiana 3. 20, 21 • **111.** 1 Petera 1. 9 • **112.** Romana 8. 23, 24

*anatin'ny bokin'ny fiainana izay an'ny Zanak'ondry ihany*»[113]. Izany no ilay famonjendehibe farany. Eny, hafahana tanteraka amin'ny ota isika. Tsy hisy ota intsony ao amintsika. Hitovy tanteraka amin'Ilay Mpamonjintsika isika, ary hiaraka aminy mandrakizay.

Izany no fanantenana ao anatin'ny mpino. Izany no fampiononana ho azy ao anatin'ny andro fahoriana. Hiverina ho vovoka vetivety ny vatan'ny mpino, rehefa hodimandry izy. Ny fanahiny kosa hiditra ao amin'ny toerampitsaharana eo anilan'ny Tompo. « *Tsy hitoetra ao amin'ny tena* » *izy fa « hitoetra ao amin'ny Tompo* »[114]. « *Naniry hiala* » ny apôstôly Paoly, « *ka ho any amin'i Kristy, satria tsara lavitra izany* »[115]. Izany ihany koa no nampanantenain'i Jesoa an'ilay jiolahy niara-nohomboana taminy teo amin'ny hazofijaliana, raha nitodika ho amin'ny fibebahana ilay io : « *Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, anio no hihaonanao amiko any Paradisa* »[116].

Hanatanteraka ny teny fampanantenany tsy ho ela intsony ny Tompo. Izany rahateo moa no hany andrasana dia hiditra ao amin'ilay

---

**113.** Apokalypsy 21. 27 • **114.** 2 Korintiana 5. 8 : « Aleontsika ny hiala amin'ity vatana ity mba hitoetra eo anilan'ny Tompo » (DIEM). • **115.** Filipiana 1. 23 • **116.** Lioka 23. 43

fanafahana tanteraka antsika isika, ho ao amin'ilay tontolom-pahasambarana mandrakizay. « *Ho avy indray (Aho), ka handray anareo ho any amiko* »[117], hoy i Jesoa. Mitantara amintsika ny ho fizotran'io fiavian'i Jesoa haka ireo olony io ny Soratra Masina :

« *Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy andanitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arkanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha. Ary rehefa afaka izany dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka ; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika* »[118].

Tsy ho ela intsony no hitrangan'izany : « *Indro avy faingana Aho* »[119], hoy ny teny averimberin'i Jesoa amintsika. Aoka ary isika ho toy ireo mpanompo izay miandry fatratra ny hiavian'ny tompony[120]. Aoka isika hitondra tena mandrakariva mifanaraka amin'izay iriny hahatrarana antsika amin'ny fotoana hiaviany.

Indro avy Ilay Iray izay efa tia antsika ka nanolotra ny ainy ho antsika. Indro avy Ilay efa nitondra an'ireo fahotantsika tao amin'ny tenany

---

**117.** Jaona 14. 3 • **118.** 1 Tesaloniana 4. 16, 17 • **119.** Apokalypsy 22. 7, 12, 20 • **120.** Lioka 12. 35-40

teo amin'ny hazofijaliana. Indro avy Ilay nanafaka antsika tamin'ny fijaliana mandrakizay tamin'ny alalan'ny fiaretany. Indro avy Ilay noraisintsika tamin'ny finoana ho Mpamonjintsika, Ilay ananantsika fiainana mandrakizay, Ilay nampanakaiky antsika tamin'Andriamanitra ka nahatonga antsika ho zanaka malala. Indro avy Ilay nanome antsika ny Fanahy Masina ho ao ampontsika, rehefa niakatra tany amin'ny toeramboninahitra. Indro avy Ilay tsy misasatra ny mikarakara antsika eny an-dalana diavintsika, ka mitari-dalana antsika toy ny Mpiandry ondry mialoha ny andian'ondriny, ary manao ireo ondriny ho sarobidy indrindra eo imasony.

Ndeha isika hampiandrandra ny masontsika hibanjina ny any ambony, dia isika izay olomboavidin'i Kristy, isika Fiangonany, ilay vadiny mandrakizay, ka hiray fo amin'ny filazana hoe : « *Amena ; avia Jesoa Tompo !* »[121].

**121.** Apokalypsy 22. 17, 20

Manainga anao izahay hamaky ihany koa an'ireto asasoratra ireto, izay mamahavaha ny lohahevitra mitovy amin'ny hitanao tato :

*Ny fahazoana antoka ny famonjena sy ny fifaliana azo avy amin'izany* G. Cutting

*Famonjen-dehibe* F. B. Hole

*Ny Fanafahana, ny Fitsaharana, ny Hery sy ny Fanamasinana* E. Denett

*Ny fahateraham-baovao, ireo toetra roa, ary ny fandehanana ao amin'ny Fanahy*

## Avy amin'ny fahaverezana ho amin'ny Voninahitra

Amboaram-boky 10x15
ahitanao fanazavana tsotra
avy amin'ny Baiboly

## Nahoana no navoaka izao amboaram-boky 10x15 izao ?

Natonta tamin'ny taratasy manify ireo boky, ary natao mitovy habe amin'ny valopy. Natao indrindra ho fampitomboana an'ireo mpamaky liana amin'ny Tenin'Andriamanitra, ireo bokikely rehetra ho hitanao ato amin'ity amboaram-boky ity. Amidy amin'ny vidiny mirary tokoa izy ireny, ary mamaly an'ireo fanontaniana fametraky ny olona matetika, araka ny amalian'ny Tenin' Andriamanitra azy.

Imprimé en France par IMÉAF – 26160 La Bégude de Mazenc
Dépôt légal : 4e trimestre 2007 - N° d'impression 70730